MPANAKANTO MILY CLÉMENT

Velona no ilàny mari-boninahitra fa sanatria rehefa maty

Nasiaka tamin'ny fitondrana, indrindra ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina ny mpanakanto Mily Clément tetsy Bel'Air Ampandrana ny alarobia teo, nandritra ny fanomezan'ny mpanohitra fanampiana ho azy ireo. Izao velona izao no ilàko mari-boninahitra amin'ny maha-mpanakanto ela nihetezana ahy hoy izy, fa tsy sanatria rehefa maty vao Ramalala. Hafarako mihitsy ny fianakaviako hoy izy, tsy hanaiky hanomezana ahy mari-boninahitra



Ny mpanakanto Mily Clément.

raha sanatria efa maty aho vao hotolorana izany mari-boninahitra izany.
Nilaza izy fa tsy miraharaha azy ireo ny fitondram-panjakana ankehitriny, ka izany no nanosika azy ireo niantso vonjy tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana . Naneho ny alahelony koa izy amin'ny fanavakavahana misy eo amin'ny samy mpanankanto izay ataon'ny mpitondra. Izy anisan'ny mpanankanto efa ela nilomanosana tao anatin'ny tonton'ny mozika, tsy omena mari-boninahitra, kanefa ireo mpanankanto izay heverina ho zandriny indrindra no mahazo izany mari-boninahitra izany. Raha tsiahivina i Mily Clément dia anisan'ny mpanakanto efa nitondra ny lazan'i Madagasikara teo amin' ny sehatra iraisam-pirenena tamin'ny alalan'ny hira izay noforoniny mitondra lohateny hoe Mandrora mantsilagny. Hira anisan'ny nitaomana ny olona hikajy sy hiaro ny tontolo iainana .
Anisan'ny mpanankanto manana ny maha izy azy raha eto Madagasikara, eny hatrany ivelany i Mily Clément.

Stefa

Valanaretina coronavirus

7 no namoy ny ainy, 52 tranga vaovao, 124 tranga misy fahasarotany

Tarehi-marika nivoaka farany momba ny valanaretina coronavirus: 7 maty, 52 tranga vaovao teto Madagasikara ny 3 jona, 124 ny tranga vaovao. 7 no matin'ny Covid-19 teto Madagasikara ny 3 jona 2021 izay teto Analamanga avokoa. Tafakatra 857 ny isan'ny olona namoy ny ainy noho ny Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara tamin'ny volana martsa 2020.
52 tranga vaovao hita tamin'ireo 413 nanao fitiliana ny 3 jona : 28 Analamanga, 16 Atsinanana, 4 Atsimo Atsinanana, 2 Matsiatra Ambony, 2 Boeny.
69 sitrana : 52 Analamanga, 6 Atsimo Andrefana, 1 Bongolava, 3 Vatovavy Fitovinany, 3 Anosy, 2 Betsiboka, 2 Sofia.
124 kosa ny tranga misy fahasarotana ankehitriny.

Niaina



Tarehi-marika momba ny covid-19 teto Madagasikara tao anatin'ny 24 ora.

Mazotoa mihira

Mpihira anisan'ny manana ny maha izy azy eto amintsika hatramin'izao i Mily Clément raha ny gadona salegy no resahana. Manana ny lazany eto an-toerany ka hatrany ivelany izy, nefa tsy mba nomen'ny fitondrana mari-bonianhitra hatramin'izao. Noho izay antony izay, hirany no atolotra anao androany : Mandrora Mantsilany, Mily Clément. Dia mazotoa mihira ary e!

MANDRORA MANTSILAGNY

Magnino magnorognoro riaka valy, riaka napetrakan-jagnahary ambilà
Mba hitsinjovany hoavintsika é, k'aza mandrora mantsilagny é ia
Magnino manetitetik'ala valy, atiala napetrakan-jagnahary izy io valy é
Mba zahava ny hahazo antsika é, k'aza mandrora mantsilany é

Koa magnoro riaka, tany vakivaky
Vakivaky izy io ô, tsy misy eky tany hipitrahantsika
Koa manetik'ala, tsisy tsikotsiko
Sady tsy ho hadio ô, mba ino eky zaka mba hianantsika
Ala mahalegny valy, ala nintsinintsy valy, ala tsikotsiko k'aza vonegny fa manintogno antsika
Ala vahan-tany, ala fanafody, ala fiainantsika k'aza vonegny fa manintogno antsika valy

Ref: (mandrora mantsilagny é),magnoro riaka valy (mandrora mantsilagny é) , magnetiky ala valy é

Magnino mandotondoto rano valy, rano natao fisehantsika ho haloto ô
Mba tsinjova fahasalamagna é, k'aza mandrora mantsilagny é ia
Magnino mamonomono biby valy, biby napetrakan-jagnahary ambilà
Izy io miaigny karaha antsika é, k'aza vonegny fa tsy mampanjary é

Koa maloto rano, ino higiantsika
Rano maloto ô, manjary mamparary
Koa mamono biby, azovy namantsika
Biby miaigny izy io é karaha antsika olombelogno
Rano isehantsika valy, rano higiantsika, rano fijoroagna k'aza lotoegny fa manintogno antsika
Biby namantsika, biby havantsika, zakan-jagnahary k'aza vonegny fa tsy mampanjary aba a.

Ref: (mandrora mantsilagny é), mandoto rano valy (mandrora mantsilagny é), mamono biby valy é

(mandrora mantsilagny é), mandrora mantsilagny valy é ia (mandrora mantsilagny é), mandrora mantsilagny io manafo ô (mandrora mantsilagny é), io tsy tsara fa aza atao lahaby é (mandrora mantsilagny é), io tsy tsara fa ambilà zalaby é.

Mily Clément

Sakafo Ny Valosoa

Henakisoa sy anandrano indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ritra, na atao ketsaketsa izany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fitsaboana natoraly ny kohaka amin'ny zava-maniry kisirasira

Fitsaboana natoraly ny kohaka amin'ny zava-maniry kisirasira indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Maka tokony ho eo amin'ny1 tanana amin'ny ravina kisirasira io, dia mampangotraka rano tokony ½ litatra. Rehefa mangotraka ny rano dia arotsaka ireo ravina. Havela hangotraka eo mandritry ny 5 minitra, tatavanina avy eo dia ataovy anaty termôsy. Io no atao rano fisotro .
Arakaraky ny mampazoto misotro no mampalaky sitrana ny kohaka.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antsirabe Afovoany, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Antsirabe Afovoany, any amin'ny distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsirabe Afovoany, iray amin'ireo kaominina miisa 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara ity tanàna ity. Any amin'ny faritra atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 372 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Antsirabe Afovoany ny vary, ny katsaka, ny mangahazo,... Mpiompy omby ihany koa ny any an-toerana.